



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitavana - Tanindrazana - Fandrosoana



REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA
FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA
TAONA 2019

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-26

**FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA
NY TOLO-PEHIN-KEVITRA MOMBA NY «CODE D'ÉTHIQUE ET DE
DÉONTOLOGIE DE L'ASSEMBLÉE NATIONALE», NATOLOTRY NY
SOLOMBAVAMBAHOAKA ANDRIANAMBININA DJOHARY LEE,
VOAFIDY TAO VONDROZO**

Fivoriana faha-9
Natao ny
Alakamisy 21 Novambra 2019
- Atoandro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA: Andriamatoa RABENIRINA Maminiaina Solondraibe

FOTOANA: Alakamisy 21 Novambra 2019 tamin'ny 11 ora sy 45 minitra, atoandro.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Tolo-pehin-kevitra momba ny «code d'éthique et de déontologie de l'Assemblée Nationale», natolotry ny Solombavambahoaka ANDRIANAMBININA Djohary Lee, voafidy tao Vondrozo.

Nitohy ny Alakamisy 21 Novambra 2019 tamin'ny 11 ora sy 45 minitra, atoandro ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filohany no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Ramatoa Filoha dia nilaza ny fandaharam-potoana, izay fandinihana ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-02-2019/PR mikasika ny Fitsipika sy Fitondran-tena mifehy ny Solombavambahoaka eto anivon'ny Antenimierampirenena, natolotry ny Solombavambahoaka ANDRIANAMBININA Djohary Lee, voafidy tany Vondrozo.

Nanazava, Ramatoa Filoha, fa efa fotoana voatendry hanaovana ny fandinihana voalohany androany ary azo atao ny mizara ity Tolo-pehin-kevitra ity amin'izao ora itenenana izao ho an'ny Solombavambahoakatsika. Iaraha-mahalala anefa, hoy izy, fa fotoana fanomanana ny fifidianana Ben'ny Tanàna izao ka any amin'ny toerana niaviany daholo ny Solombavambahoaka. Izany fifidianana izany dia kitro ifaharan'ny demokrasia amin'ny raharaha politika izay sahanina eto anivon'ny Antenimierampirenena.

Noho izany, tsy hotanteraka ny fivoriambe tokony hatao anio.

Nanamarika Ramatoa Filoha, fa efa tokony ho vonona ao amin'ny Sekretera Jeneralin'ny Antenimierampirenena ny Tolo-pehin-kevitra mba ho eny am-pelan-tànan'ny Solombavambahoaka rehetra, ka rehefa vita ny fifidianana dia amin'ny fivorian'ny Birao Maharitra, ny Alatsinainy 25 Novambra 2019 ho avy izao no hampidirana azy indray mandeha ao anaty fandaharam-potoana an'ity "Proposition de Résolution" ity satria tsy tontososa androany ny fivoriana mikasika izany.

Noho izay antony izay, haato ny fivoriana fa hatao amin'ny fotoana manaraka.

Niatio tamin'ny 11 ora sy 50 minitra, atoandro, ny fivoriana refeha avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona